

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 004

**autorisant l'adhésion de Madagascar
au Protocole de la SADC sur le contrôle des armes à feu, des munitions
et d'autres matériels connexes**

EXPOSE DES MOTIFS

Le Protocole de la SADC sur le contrôle des armes à feu, des munitions et d'autres matériels connexes fait partie des protocoles de la SADC touchant la souveraineté nationale. Il est entré en vigueur le 08 novembre 2004.

Ce protocole a pour objectif de prévenir, combattre et éradiquer la fabrication et l'accumulation des armes à feu, des munitions et d'autres matériels connexes. Il vise à faciliter la coopération et l'échange d'information entre les Etats membres.

Le protocole envisage d'engager les Etats parties à :

- améliorer les capacités de la police, des services de douane, des gardes frontières dans le contrôle des armes à feu ;
- établir les bases des données, les systèmes de communication et le matériel requis pour suivre et contrôler les mouvements transfrontières des armes et munitions ;
- coordonner des programmes de formation pour les services concernés afin de prévenir, réprimer et éliminer la fabrication illicite d'armes ;
- améliorer la coordination de la politique de partage des analyses et des informations sur le sujet ;
- entreprendre des exercices communs et instituer un programme d'échange entre les fonctionnaires concernés ;
- contrôler par une procédure commune le port d'arme ;
- bien marquer, au moment de la fabrication, les armes et munitions dévolues aux forces de sécurité de chaque Etat ;
- établir les dispositifs appropriés entre les organes de coercition de la Région notamment dans la fluidité des informations, la mise en place des infrastructures nécessaires pour la perquisition et l'inspection des points d'entrée et de sortie des armes ;
- constituer des unités de répression pour prévenir et combattre la fabrication illicite d'armes à feu ;

- coopérer avec les organisations internationales ;
- faciliter les échanges d'information sur le transfert, l'importation ou l'exportation d'armes à feu effectués par chaque Etat.

L'adhésion de notre pays à ce protocole sur le contrôle des armes à feu, des munitions et d'autres matériels connexes nous permettrait de contrôler à défaut de juguler la prolifération des armes à feu à Madagascar, responsable de l'instauration d'un climat défavorable à notre expansion économique.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 004

**autorisant l'adhésion de Madagascar
au Protocole de la SADC sur le contrôle des armes à feu, des munitions
et d'autres matériels connexes**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 20 mai 2008, la Loi dont la teneur suit :

Article premier.- Est autorisée l'adhésion de Madagascar au Protocole de la SADC sur le contrôle des armes à feu, des munitions et d'autres matériels connexes.

Article 2.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 20 mai 2008

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

Jacques SYLLA

RANDRIASANDRATRINIONY Yvan

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA - 2008 - 003

**anomezan-dalana ny fankatoavana ny fidiran' i Madagasikara ao amin'ny
Fifanarahana nataon'ny SADC mikasika ny fanaraha-maso ireo fitaovam-
piadiana, ireo bala ary ireo fitaovana hafa mifampiankina amin'izany**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ny Fifanarahana nataon'ny SADC mikasika ny fanaraha-maso ireo fitaovam-piadiana, ireo bala ary ireo fitaovana hafa mifampiankina amin'izany dia anisan'ireo fifanarahana ao amin'ny SADC mahakasika ny maha tsy refesi-mandidy ny Firenena iray. Manankery nanomboka ny 08 novambra 2004 izy io.

Ny tanjon'io Fifanarahana io dia ny hisorohana, hiadiana ary hamongorana ny fanamboarana ny fitobaky ny fitaovam-piadiana, ny bala ary ireo fitaovana mifampiankina amin'izany. Izy io dia manamora ihany koa ny fiaraha-miasa sy ny fifanakalozam-baovao amin'ny samy Firenena mpikambana.

Ny Fifanarahana dia mikendry ny hampandray andraikitra ny Firenena mpikambana amin'ny :

- hanatsarana ireo fahaizana momba ny fitandroana ny filaminana, ny sampandraharaha momba ny fadin-tseranana, ny fiambenana ny sisin-tany amin'ny fanahara-maso ny fitaovam-piadiana ;
- hananganana ny tahiry fototra amin'ny fanangonam-baovao, ny fomba ifanakalozam-baovao ary ny fitaovana ilaina mba hanarahana sy hanamarinana ireo fivezivezen'ny fitaovam-piadiana sy bala any amin'ny sisin-tany ;
- handrindrana ireo lamin'asa momba ny fanofanana ireo sampandraharaha voakasik'izany mba hisorohana, hanenjehana ary hamongorana ny fanaovana fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna ;
- hanatsarana ny fandrindrana ny tetikady amin'ny fizarana ireo fitsikerana sy vaovao mikasika ilay foto-javatra ;
- hanaovana fanazaran-tena miaraka ary hananganana lamin'asa iray amin'ny fifanakalozana amin'ny samy mpiasam-panjakana na voakasik'izany ;
- hisavana, amin'ny fomba fanao iombonana, ny fitondrana fitaovam-piadiana ;

- hametrahana famantarana, amin'ny fotoana fanamboarana, ireo fitaovam-piadiana sy bala natokana ho an'ny mpitandro filaminana an'ny Firenena isan'isany ;
- hananganana ny lamin-draharaha sahaza amin'ny samy rantsamangaika mpanao tery vay manta ao amin'ny faritra, fa indrindra ny fisononokam-baovao, ny fametrahana ireo foto-drafitr'asa ilaina amin'ny fisavana sy ny fisafoana ireo toeram-pampidirana sy famoahana ireo fitaovam-piadiana ;
- hiarahana miasa amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena ;
- hanamorana ireo fanakalozam-baovao mikasika ny famindran-toerana, ny fampidirana na fanondranana mankany ivelany ataon'ny firenena isan'isany.

Ny fidiran'ny Firenentsika ao amin'ny fifanarahana mikasika ny fanarahamaso ireo fitaovam-piadiana, ireo bala sy ireo fitaovana mifampiankina amin'izany, dia ahafahantsika manara-maso, rehefa tsy hahafiana ihany, ny fihanaky ny fitaovam-piadiana eto Madagasikara, tompon'andraikitra amin'ny sakana amin'ny fampiroboroboana ny toekarentsika.

Toy izany no antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA- 2008 - 003

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny
Fifanarahana nataon'ny SADC mikasika ny fanaraha-maso ireo fitaovam-
piadiana, ireo bala ary ireo fitaovana hafa mifampiankina amin'izany**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha - 20 mey 2008, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany.- Omen-dalana ny fankatoavana ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny Fifanarahana nataon'ny SADC mikasika ny fanaraha-maso ireo fitaovam-piadiana, ireo bala ary ireo fitaovana hafa mifampiankina amin'izany.

Andininy 2.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao. Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-20 mey 2008

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,

Jacques SYLLA

RANDRIASANDRATRINIONY Yvan